International Institute of Christian Ministries

CR 101

# FANOMEZAM-PAHASOVANA: Tena ilaina tokoa eo amin’ny asa fanompoana

**Ny fomba hitomboan’ny fiangonana amin’ny alalan’ny fahatakarana tsara sy ny fahafantarana ary ny fampiasana ny fanomezam-pahasoavana**

**Nosoratan’i Jonathan Kuntaraf, D. Min. James W. Zackrison, D. Miss.**
**Departemantan’ny Sekoly Sabata sy ny Asa fitoriana**
**Foibe maneran-tanin’ny fiangonana advantista mitandrina ny andro fahafito.**

## I. Inona avy no fantatrao mikasika ny fanomezam-pahasoavana?

Farito ny M na D (Marina/Diso) izay mifanandrify amin'ny filazana eo akaikiny, mba hitsapana ny tena fahalalanao marina ny atao hoe fanomezam-pahasoavana. Eny amin'ny faran'ny takila ny valiny,ka avadiho izany rehefa hamaky azy ianao.

1. M D Manana fanomezam-pahasoavana avokoa ny Kristiana rehetra, farafahakeliny anankiray.
2. M D Manana fanomezam-pahasoavana ihany koa ny tsy mpino.
3. M D Manana ireo fanomezam-pahasoavana rehetra voalaza ao amin'ny Testamenta Vaovao avokoa ny ankamaroan'ny Kristiana rehetra.
4. M D Afaka misafidy izay fanomezam-pahasoavana tiantsika isika.
5. M D Misy fanomezam-pahasoavana iray manokana izay ananan'ny Kristiana rehetra.
6. M D Hampahamoahana eo anatrehan'ny Tompo ny amin'ny fomba nampiasan'ny mpino ny fanomezam-pahasoavana nomena azy.
7. M D Ny fanomezam-pahasoavana dia milaza ny antson'Andriamanitra sy ny zava-kendreny ho an'ny fiainan'ny mpino anankiray.
8. M D Voatanisa mazava tsara ao amin'ny Soratra Masina ny fanomezam-pahasoavana rehetra.
9. M D Afaka manatanteraka ny zava-kendren'Andriamanitra ihany ny fampiasana ny fanomezam-pahasoavana na dia tsy amin'ny fitiavana aza izany.
10. Mety hanafoana ny fahombiazan'ny fanomezam-pahasoavana ny toe-tsaina tsy kristiana.

## II. Fototra iorenana ara-teôlôjia

A. Izay voalazan'ny Baiboly mikasika ny fanomezam-pahasoavana

Misy fanovozan-kevitra efatra lehibe ao amin'ny Testamenta Vaovao mikasika ny fanomezam-pahasoavana:

1. 1 Petera 4:10
2. Romana 12:1-8
3. 1 Korintiana 12
4. Efesiana 4:1-16

Eo am-piezahana hamaly fanontaniana maromaro, dia hampiasaintsika im-betsaka ato amin'ity fizarana ity ireo andininy ireo.

B. Manana fanomezam-pahasoavana ve ny Kristiana?

Jereo ireto andininy manaraka ireto ka fenoy ny banga:

1 Petera 4:10: "Samia mifanompo araka…………………………………………noraisinareo, dia tahaka ny mpitandrina tsara…………………………………………………………………………………………………………….”

Romana 12:1-8, mariho manokana ny andininy 3. Voalohany aloha, dia milaza i Paoly fa tsy tokony hiavonavon-kevitra isika ka "hihevitra mihoatra noho izay tokony hoheverina. Nilaza koa izy avy eo fa tokony hihevitra izay onony araka …………………………………………………………………………izay nozarain'Andriamanitra ho anareo avy" isika.

Milaza amintsika ny fomba tokony "hamarana" izany "finoana" izany ny andininy 6 sy 7. Tsy toetra manokana ananan'ny fanahy fotsiny no tondroin'ny "finoana" eto amin'ity andininy ity fa famaritana asa ao anatin'ny fiangonana an-kapobeny koa.

And. 7: Inona no “mamatra” ny andraikitrao ao amin’ny fiangonana?

D. Fototra iorenana ara-teôlôjia ho an’ny foto-pampianarana momba ny fanomezam-pahasoavana.

Ellen White sy ny fanomezam-pahasoavana
“Efa nametraka fanomezam-pahasoavana samihafa ao amin’ny fiangonana Andriamanitra. Samy sarobidy eo amin’ny toerana misy azy avy izy ireo ary samy manana ny anjara asany eo amin’ny asa fanomanana ny olona ho amin’ny fiavian’i Kristy tsy ho ela.” Gospel Workers, tak. 481.

“Zava-tsarobidy be tokoa ny toriteny eo anivon’ny fiangonantsika. Miankina betsaka amin’ireo fanambarana eny amin’ny pilpitra ny olona fa tsy amin’ny Fanahy Masina. Tsy heverina ho zava-dehibe ary tsy ampiasaina ny fanomezam-pahasoavana hany ka tsy manana ny lanjany firy intsony.” Selected Messages, Vol. 1, tak. 127.

“Mazàna no ataon’ny mpitandrina an-tsirambina ireto sehatr’asa lehibe ireto- fanavaozana ara-pivavahana, fanomezam-pahasoavana, asa fanaovan-tsoa, miraka amin’ireo sehatr’asa goavana momba ny asa fitoriana. Maro be tokoa no hahalala ny fahamarinana vokatry ny asan’izy ireo, kanefa ho hita ihany mandritra izany fa maro no tsy haharitra eo ambanin’ny fizahan-toetra ataon’Andriamanitra.” Evangelism, tak. 256.

E. Andrakitry ny fiangonana
1. Ny fifidianan’ireo mpitarika izay manana fanomezam-pahasoavana eto anivontsika.
2. Ny famantaran’ny fiangonana ny fanomezam-pahasoavana
3. Ny fanomezana andraikitra izay mambra sahaza izany.

Vokatra roa loha
- a- Fitomboan’ny Tenin’Andriamanitra
- b- Fitomboan’ny mpianatra

1. Ny fanandraman’i Filipo
   - a- (34 Trk) Fantatry ny fiangonana ny fanomezam-pahasoavany (Asa 6:5)
     - (1) Fahendrena
     - (2) Fanampiana
   - b- Manatanteraka am-piezahana sy fitandremana fatratra ny asany (Asa 8:5-6)
   - d-(35 Trk) Nahita fa nanana fanomezam-pahasoavana hafa koa izy (Asa 8:26-40).
     - (1) Fitoriana ny filazantsara
     - (2) Fahagagana
     - (3) Fanasitranana
   - e-(herintaona taty aoriana) Nandray fanomezam-pahasoavana hafa (Asa21:8-9)
     - (1) Faminaniana
     - (2) Fahalalana
     - (3) Fampianarana
   - f-(Nanomboka tamin’ny 60 Trk) Fantatra tamin’ny fanomezam-pahasoavana miavaka.

F. Ny zava-kendrena

A. Ny fampitaovana ny mpino ho amin’ny asa fanompoana (Efes. 4:11-12)
1. Ny mety ho akony eo amin’ny asa:
a. Andraikitr’iza no mampitao ny vahokan’Andriamanitra?
2.Ny fanamafisana horina ny fiangonana iray manontolo (Efes. 4:12, 16)
3. Ny fanamafisana horina ny mpino (Rom. 1:11)

4. Ny fampaherezana ny mpino (Rom. 1:12)
5. Ny fahombiazan'ny fiangonana iray manontolo (1 Kor. 12:7)
6. Ny fanitarana ny fiangonana (Efes. 4:16)
7. Ny fanandratana an'i Jesosy Kristy (1 Pet. 4:7)

B. Ny fampitomboana ny fanomezam-pahasoavana

1. Ampiasao izany
a. Aza atao an-tsirambina (1 Tim. 4:14)
b. Ampiharo (1 Tim. 4:15)
d. Fampiasana izany amin'ny fomba mahatoky (2 Tim. 4:15)
2. Fampiofanana araka ny tokony ho izy
3. Ny asan'ny fanomezam-pahasoavan'ireo Kristiana hafa (Rom. 1:11)

D. Fifaliana

1. "Hitako ilay izy!"
2. Fifaliana lehibe/fahafaham-po
3. Fanamafisan'ny fiangonana ny fananan'ny mambra fanomezam-pahasoavana

**III. Manana ny andrakitra sy ny fanomezam-pahasoavana mampiavaka azy ny mpino**

A. Nomena fanomezam-pahasovana hanao asa manokana ny Kristiana rehetra; noho izany dia mpanompo avokoa ny mpino rehetra
   1. "Antsoina hanompo avokoa ny Kristiana rehetra. Raha tsy mpanompo ianao, dia tsy azo antsoina hoe Kristiana." Elton Trueblood
   2. "Fa toy ny ananantsika zavatra maro momba ny tena iray, nefa tsy mitovy asa izay rehetra momba ny tena, ... ary samy miara-momba ny tena isika rehetra." (Romana 12:4-6)
   3. "Ary izy rehetra dia samy nomena ny fampisehoana ny Fanahy hahasoa.... Ary hianareo no tenan'i Kristy, ka samy momba ny tenany avokoa araka ny anjaranareo avy.... Ary toy izany koa hianareo; raha fatra-paniry ny zava-panahy, dia izay hampandroso ny fiangonana no tadiavo indrindra" (1 Kor. 12: 7, 27. 1 Kor. 14: 12)

B. Ny anjara asan'ny Pastora sy ny mpampianatra dia voasongadina ao amin'ny Testamenta Vaovao: "Ary Izy no nanome ny sasany ho ...mpiandry sy mpampianatra, ho fanatanterahana ny olona masina, ho amin'ny asa'ny fanompoana amin'ny fiangonana, ho amin'ny fampandrosoana ny tenan'i Kristy" (Efes. 4:11-12)

D. Ananan'ny fiangonana ny fanomezam-pahasoavana rehetra ilaina ho amin'ny asa sy ny fitomboana mahomby. "Tena fototra iorenan'ny fampianaran'ny fiangonana ao amin'ny Testamenta Vaovao mihitsy ny fananan'ny Kristiana rehetra fanomezam-pahasoavana , ary noho izany dia andraikitra koa, ary tsy misy na dia iray asa tsy nomena talenta. Tokony hanova ny fiainan'ny mambra sy ny fiangonana koa izany. Mpitarika ny fiangonana maro no mitaraina noho ny tsy fananan'ny fiangonana mpitarika laika manana fanomezam-pahasoavana, ka io no manjary fialan-tsiny iraisana ho an'ny tsy fanaovana ezaka firy. Ilay teny nataon'i Paoly ho an'ny Korintiana ihany anefa no mbola ampiasain'ny Soratra Masina ho an'ny fiangonana tsirairay: "Fa tenan'i Kristy hianareo." Araka izany, dia mifanohitra matetika ny Soratra Masina sy ny fiheverana misy eo amin'ny fiangonana. Eo ihany koa ny toa fahitana fa tsy manana fanomezam-pahasoavana ny fiangonana, kanefa dia hoy ny Soratra Masina: 'Tsia, fa tenan'i Kristy hianareo'. Raha raisintsika amin'ny teniny Andriamanitra, dia tsy maintsy mino isika fa efa nomeny, na farafahakeliny vonona ny hanome ny fanomezam-pahasovana rehetra ilain' ny fiangonana tsirairay avy Izy ho an'ny fiainany sy ny fahasalamany ary ny fitomboany sy ny asany." John Scott

## IV. Ahoana no fomba ahafantarako ny fanomezam-pahasoavana ananako?

A. Diniho izay mety hananao rehetra

Jereo ireo fanomezam-pahasovana voatanisa ao amin'ny 1 Kor. 12, Romana 12, ary Efes. 4. Fantaro izay mety hananao rehetra, mba ho hitanao mazava tsara izay tokony hodinihana. Ataovy ny fanadinana mikasika ny fanomezam-pahasoavana.

B. Manandrama fanomezam-pahasoavana maro araka izay tratranao. Tsy fantatrao ny fanomezam-pahasoavana iray raha anananao na tsia raha tsy andramanao aloha izany. Misy ny fanomezam-pahasoavana sasantsasany izay sarotra ny manandrana azy. Tsy voatery hianika trano avo be iray ianao vao hahafantatra fa manana fanomezam-pahasovan'ny fahaizana manao fahagagana. Misy kosa ireo moramora kokoa ny manandrana azy, toy ny fanomezam-pahasoavan'ny asa fitoriana ohatra. 10 % ihany no manana ny fanomezam-pahasoan'ny asa fitoriana kanefa 1% ihany no tena mampiasa izany. Mba hamantaranao fa manana ny fanomezam-pahasoavan'ny asa fitoriana ianao, dia midira anatina fandaharan'asa fampihofanana ka ampiharo ao izany. Raha hitanao fa tsy anananao izany, dia azonao ajanona. Tsy hisy hanao tsinontsinona anao noho izany satria tsy maintsy manandrana ireo karazana fanomezam-pahasoavana maro samihafa avokoa isika rehetra. Rehefa hitanao fa manana fanomezam-pahasoavana anankiray ianao, dia tohizo ny fanandramanao izany. Azo antoka fa mihoatra ny anankiray ny fanomezam-pahasoavana nomen'Andriamanitra anao. Arakaraka ny hampiasanao izany fanomezana izany rahateo no handraisanao hafa,  koa dia mazotoa mampihatra hatrany. Mety ho efa noraisinao sahady aza izany.

D. Diniho tsara ny fihetseham-ponao. Tsapanao ho mahazo fahafaham-po ve ianao eo am-panaovanao izany? Raha halanao tanteraka ny manao azy, dia azo lazaina ho famantarana izany fa tsy anananao ilay fanomezam-pahasoavana. Tsy midika akory izany fa tsy tokony ho sahirana ianao amin'ireo minitra vitsivitsy voalohany. Andriamanitra dia tsy mitaky antsika hanao zavatra izay tena manahirana antsika. Hitombo eo am-pampiasanao ny fanomezam-pahasoavanao ny fahatsapanao fahafaham-po sy ny fitiavanao hampiasa izany hatrany.

E. Tombano ny fahombiazanao

1. Manana tanjona kendrena ny fanomezam-pahasoavana. Nokendrena ho amin'ny tanjona voafaritra izy tsirairay avy.

2. Raha vao manomboka mampiasa ny fanomezam-pahasoavana iray ianao, dia efa kendreo sahady ny hahazo vokatra mifanaraka amin'izany. Raha tsy mahita vokatra ianao, dia tsy anananao ilay fanomezam-pahasoavana. Mila fitandremana ihany anefa eto, satria misy olona sasany tsy dia manao ho zava-dehibe loatra ny fahombiazana entin'izany.

3. Manontania olona hafa raha hitan'izy ireo fa mahomby ianao. Manontania hevitr'olona maromaro. Aza manao ny tenanao ho tsinontsinona anefa fa manàna fomba fijery mitraka hatrany. Aza mirehareha fa omeo an'Andriamanitra ny voninahitra noho ny ny fanomezana efa nomen'ny Fanahy Masina anao.

4. Andraso ny fanamarinana ataon'ny fiangonana. Tsarovy fa tsy tokony handeha irery amin'izao ny fanomezam-pahasoavana fa hampiasaina ao amin'ny fiangonana. Ampahany ao anatin'ny fikambanana iray manontolo ianao, dia ny tenan'i Kristy izany. Raha manana fanomezam-pahasoavana ianao, dia hifandrindra tsara miaraka amin'ny hafa izany. Ho fantatry ny Kristiana hafa ny fanomezam-pahasoavanao ka ho antitranteriny aminao fa anananao izany. Raha heverinao fa anananao ny fanomezam-pahasoavana anankiray, kanefa tsy misy miaiky izany ny olona ao am-piangonana na dia mahimahiana ihany amin'ny fomba fijerinao izany.

5. Ataovy betsaka ny vavaka mikasika izany. Hanampy anao hahita ny fanomezam-pahasoavana anananao Andriamanitra. Katsaho amin-jotom-po ny fahendrena avy amin'Andriamanitra mba hahafantaranao izany.

## V. Ny fomba hihazonana ny fanomezam-pahasoavana ho eo anatrehan'ny fiangonana mandrakariva

A. Fahasamihafana eo amin'ny fitsipika ara-teôlôjia sy ny fitsipika ara-pomba fiasa.

Ara-teôlôjia—asa fisoronana ho an'ny mpino rehetra.

Ara-pomba fiasa—fomba fihazonana ny fitsipika ho ao an-tsain'ny olona. Somary nanahirankirana ahy ihany ity fizarana ity. Vetivety dia manadino toriteny ny olona, ary dia mora adinony toy izany koa ny seminera momba ny fanomezam-pahasoavana. Amin'ny fomba ahoana no hampahatsiahivana mandrakariva ireo olona vaovao izay miditra ao fa ilain'izy ireo ny mahafantatra ny fanomezam-pahasoavany? Tsy maintsy nanana ny fomba nampiasainy ny fiangonana voalohany hihazonana mandrakariva ny foto-pampianarana momba ny fanomezam-pahasoavana ho ao an-tsain'ny fiangonana. Mino aho fa hitako ny fomba anankiray nanaovan'izy ireo izany.

6."Dia natao batisa tamin'ny anaran'i Jesosy izy, ary rehefa 'nametrahan'i Paoly tanana izy" dia nandry ny batisan'ny Fanahy Masina, ka niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra sady naminany. Toy izany no nanosorana azy ho mpitory tany Efesosy sy teny amin'ny manodidina azy. Azony natao koa ny nandeha nitoyry ny filazantsara tany Asia Minora." (vavolombelona mahery tak. 246

## VI. Inona avy ireo fanomezam-pahasoavana voalaza ao amin'ny Baiboly?

Fanomezam-pahasoavana maro no voalaza mivantana ao amin'ny Testamenta Vaovao, ary misy koa no tsy voaresaka mivantana. Ao koa ireo hita miverimberina any amin'ny andininy samihafa.

A. Ireo fanomezam-pahasoavana voalaza mivantana

Romana 12
Faminaniana
Fampianarana
Fanompoana
Fahalalahan-tanana
Fanapahana

Famindram-po1 Kor. 12
Faminaniana
Fampianarana
Fanompoana
Fahendrena
Finoana
Fanasitranana
Fahagagana
Famantarana fanahy
Fiteny tsy fantatra
Fandikan-teny
Fanampiana

Fitantanana
(fitondrana) Efes. 4
Faminaniana
Fampianarana
Apostoly
Evanjelista
Mpiandry

**Fanomezam-pahasoavana tsy voalaza mivantana**

| Toko sy andininy | Fanomezam-pahasoavana |
| --- | --- |
| 1 Kor. 7:7 | Tsy fanambadiana |
| 1 Kor. 13:3 | Fanampiana an-tsitrapony malahelo |
| 1 Kor. 13:3 | Fanoloran-tenaho martiora |
| 1 Pet. 4:9 | Fampiantranoana |
| Asa 8:5-8 | Famoahana ny demonia |
| Asa 12:12 | Fanaovana vavaka fanelanelanana |
| Rom. 11:13 | Misionera |

“Ny olona rehetra akory tsy mandray

fanomezana mitovy, fa ny mpanompon'ny Tompo tsirairay dia nampanantenaina fenomezana sasany avy amin'ny Fanahy Masina." (Henoinareo ny Fanoharana, tak. 335).

B. Fanasokajiana ireo fanomezam-pahasoavana

Maro isan-karazany ireo fomba ahazoana manasokajy ny fanomezam-pahasoavana. Nataon'olombelona ihany izany fomba fanasokajiana rehetra izany, saingy indraindray izany no tena manampy tokoa eo amin'ny fampiharana ny fanomezam-pahasoavana eo amin'ny fandaharan'asan'ny fiangonana.

**1.Arakaraka ny toetry ny fanomezam-pahasoavana**

**Karazana fanomezam-pahasoavana (Fp)**

**Fpn'ny hery**

**Fpn'ny fanompoana**

**Fpn'ny fitaomana fanahy** (fitomboan'ny isan'ny fiangonana)

**Fpn'ny fahamatorana ara-panahy** (fitomboan'ny fiangonana anatiny)

**Fpn'ny fandaminana ny ao anatin'ny fiangonana**

2. **Arakaraka ny hery ananana miasa eo amin'ny manodidina**

**Fp ho an'ny fiangonana maneran-tany**

**Fp mifanentana kokoa amin'ny sehatra misy olona mifampitondra tahaka ny fianakaviana, toy ny fiangonana eo amin'ny toerana iray.**

**D. Arakaraka ny andraikiny**

**Asa fampitaovana**

**Asa "fanarenana"** (Fifohazana sy fanavaozana eo anivon'ny fiangonana)

**Fpn'ny fitarihana sy ny Fpn'ny fanohanana**

**Fpn'ny fitarihana**

**Fpn'ny fanohanana**

**Vondrona Fp**

**Vondrona fanohanana**

**Vondrona fanomezana torohevitra**

**Vondrona fampianarana**

**Vondrona mpiandry ondry/mpitory filazantsara**

**Vondrona mpitarika**

**-Vondrona famantarana**

## VII. Laharam-panontaniana mikasika ny fanomezam-pahasoavana

Ity taridalana mikasika ny fomba hamantaranao ny fanomezam-pahasoavana anananao ity, dia tokony horaisina ho tahaka ny fanadinana. Ny valiny "marina" eto no tena valiny azo antoka. Ny valin-teny omenao no hanampy anao hahafantatra ireo lafin-kery anananao eo amin'ny sehatry ny fanompoana kristiana.

Toy izao no fomba hametrahanao isa:

**Ataovy anaty boribory ny 1** raha toa ka tsy ataonao mihitsy ilay voalaza.

**Ataovy anaty boribory ny 2** raha toa ka mazàna no tsy ataonao ilay voalaza.

**Ataovy anaty boribory ny 3** raha toa ka mitovy ny isan'ny tsy atao sy ny atao.

**Ataovy anaty boribory ny 4** raha toa ka mazàna no ataonao ilay voalaza.

**Ataovy anaty boribory ny 5** raha toa ka tena ataonao mihitsy ilay voalaza.

"Nahafa-po ahy ny nanandramako ity voalaza ity teo amin'ny fiainako" na "Mino aho fa haiko ity":

1. Mora mamindra andraikitra lehibe ampoina.

2. Mora mahita ny fahasamihafana eo amin'ny marina sy ny diso.

3. Mitarika ny hafa hanapa-kevitra mikasika ny amin'ny alalan'ny finoana an'i Kristy.

4. Mampahery am-bava ny miroa-tsaina ary ny kivy.

5. Mino fa hihazona ny teny fikasan'Andriamanitra na inoa toe-java-misy na inona.

6. Mitantam-bola tsara mba hanomezana vola am-kahalalahana ho an'ny asan'Andriamanitra.

7. Manasitrana ny aretina amin'ny anaran'i Jesosy.

8. Manampy ireo mpitarika tena lehibe andraikitra mba hanamaivanana azy ireo eo amin'ny asa lehibe iantsorohany.

9. Manome sakafo/fialofana amin-kalemem-panahy ho an'izay tsy manana.

10. Rehefa mivavaka ho an'ny hafa aho, dia matetika no tsy mahafehy ny fotoana.

11. Mora mahita fahamarinana vaovao ho an'ny tenako.

12. Mandresy lahatra ny hafa handroso hatrany eo amin'ny fanatrarana tanjona ara-Baiboly.

13. Miara-miasa am-pifaliana amin'ny olona izay tsy raharahian'ny maro an'isa.

14. Tsy sahirana raha tojo kolontsaina samy hafa amin'ny ahy.

15. Faly amin'ny fandraisana andraikitra mikasika ny fitomboana ara-panahin'ny vondrona kristiana iray.

16. Faly raha antsoina hanao asa manokana manodidina ny fiangonana.

17. Mampirisika olona hianatra an-tsipirihany ireo fahamarinana ara-Baiboly.

18. Mampihatra amin'ny fomba mahomby ny fahamarinana eo amin'ny fiainako.

19. Afaka mandamina hevitra, olona, zavatra ary fotoana mba hahita fahombiazana lehibe kokoa eo amin'ny asa fanomezan'ny hafa.

20. Mahay mandanjalanja izay ratsy sy tsara.

21. Mizara am-pifaliana ny fomba nitaoman'i Kristy ahy ho amin'ny famonjena

22. Fitaovana mitaona ny mpiavonavona sy mamerina ny mba hanaiky ny zava-misy marina ara-panahy

23. An-kapobeny dia velom-bolo kokoa ny amin'ny hoavy noho ny amin'ny lasa.

24. Manolotra zavatra na vola an-kalalahana ho an'ny asan'Andriamanitra.

25. Manasitrana amin'ny anaran'i Jesosy ireo voadona ara-pihetseham-po.

26. Manatitra ny olona eny amin'ny toerany na manadio ny fiangonana arakaraka izay toe-javatra ilàna izany.

27. Tia mampiantrano vahiny aho.

28. Mandray am-pahamatorana tsara ny fangataham-bavaka noho ny ataon'ny Kristiana hafa.

29. Mahalala ny fahamarinana izay mitondra faharesen-dahatra eo amin'ny hafa.

30. Mahafantatra ny alehako ka mahita fa manaraka ahy koa ny Kristiana hafa.

31. Manampy ny tsy mendrika izany.

32. Mianatra tsara ny fitenim-pirenena hafa mba hiasana amin'ny olom-pirenena hafa.

33. Manda tena mihitsy ho an'ny tanora kristiana na ireo Kristiana mania.

34. Tia manao ny asam-piangonana mahazatra izay mety hankaleo ny hafa.

35. Manazava tsara ny fampianarana ara-tSoratra masina amin'ny hafa.

36. Tia mikaroka vahaolana ho an'ny toe-javatra sarotra.

37. Mahavita mametraka tanjona sy manao drafitra mahomby hanatrarana izany.

38. Mifantoka kokoa amin'ny anatiny ka mametraka ahiahy mikasika ny anton-javatra manosika ny olona.

39. Manazava mazava tsara ny fahamari
izay mitaona ny olona ho eo amin'i Jesos

40. Mampahery am-bava ireo izay toa mangatsiaka ara-panahy 1 2 3

41. Matoky ny fanatrehan'Andriamanitra sy ny heriny eo anatrehan'ny zavatra izay heverina fa tsy ahitam-bahaolana. 1 2 3

42. Mahatsiaro ho voakasika lalina eo anatrehan'ny tsy fahampiana ara-bola hanaovana ny asan'Andriamanitra. 1 2 3

43. Mifandray amin'ny fomba mahomby amin'ny anaran'I Jesosy, amin'ireo izay marary ara-panahy. 1 2 3

44. Mitahiry sy mandrakitra an-tsoratra tarehimarika na ny minitra ho an'ny asan'ny Tompo. 1 2 3

45. Manana talenta manokana eo amin'ny fanaovana izay hahatamana ny vahiny. 1 2 3

46. Ny vavaka ho an'isan'ny fanatanjaham-panahy tiako indrindra. 1 2 3

47. Mandray sy mahafehy fahamarinana sy fitsipika ara-Baiboly vaovao. 1 2 3

48. Mitaona ny hafa hanatanteraka tanjona ara-Baiboly. 1 2 3

49. Mamangy eny amin'ny hopitaly sy ny ivon-toerana misy ny be antitra ary mandray fitahiana 1 2 3

amin’izany.

50. Afaka mifandray tsara amin’ny Kristiana tsy mitovy fiaviana sy fiteny ary kolontsaina amiko.

51. Mahafantatra tsara sy fantatr’ireo izay anaovako asa fanompoana sy tarihiko.

52. Mahatsiaro fahafaham-po amin’ny fanaovana asa manasatra ho voninahitr’Andriamanitra.

53. Mahay manazava tsara amin’ny hafa ireo fahamarinana ara-Baiboly saro-takarina.

54. Misafidy izay foto-kevitra ara-Baiboly mahomby indrindra amin’ireo maro hafa.

55. Afaka mitarika vondron’olona iray mba hiara-manapaka hevitra.

56. Mahafantatra tsara ny fanomezam-pahasoavana ananan’ny Kristiana iray sy ny tsy ananany.

57. Manasongadina ny hafatra iray, dia ny Filazantsaran’ny famonjena voalohany indrindra.

58. Afaka manoro hevitra amin’ny fomba mahomby izay sahiran-tsaina sy mahatsiaro ho meloka ary voagejan-javatra.

59. Mahazo antoka tsara fa mahafantatra ny sitrapon’Andriamanitra manokana mikasika ny fihitaran’ny asany any amin’ny hoavy, na dia tsy mahatsapa iznay aza ny hafa.

60.Mahavita ny mahita vola be hanaovana ny asan’ny Tompo.

61. Mivavaka ho an’ny hafa mba hisian’ny fahasitranana.

62. Mizara asasoratra sy pejy voasoratra eo amin’ny fiaraha-monina misy ahy.

63. Mahay mandray tsara sy mankasitraka manokana ny vahiny tsirairay avy.

64. Mamaly ny vavaka ataoko amin’ny fomba azo tsapain-tanana hatrany Andriamanitra.

65. Mandinika fatratra sy mamaky boky betsaka aho mba hianarana ny fahamarinana ara-Baiboly.

66. Mitarika ny hafa eo amin’ny fahasarotana rehetra mikasika ny asan’ny Tompo.

67. Mitondra mivoaboaka amin’ny fiara an’ireo manana olana manokana ka tsy mifandrairay amin’ny hafa, sady manampy azy ireo amin’ny fomba mahomby.

68. Tia miaina any amin’ny firenen-kafa.

69. Manampy ny Kristiana sahirana ka manoro azy ireo hahita ireo teny fikasana mifandraika aminy sady mivavaka ho azy ireo.

70. Vonona ny hahazo baiko fa tsy ny hanome izany.

71. Mampita fahamarinana ara-Baiboly amin’ny hafa, izay mitondra fiovana eo amin’ny fahalalana, foto-pisainana ary fomba fitondran-tena.

72. Hita ho mety tsara ny fanendreko ny hafa ho amin’ny andraikitra tokony hosahaniny. 1 2 3

73. Mahavita miantso Kristiana mba hiasa sy hampiasa ny fanomezam-pahasoavana ananany. 1 2 3

74. Mahafantatra avy hatrany ny sandoka mialoha ny hahitan’ny rehetra izany. 1 2 3

75. Mikatsaka mandrakariva ny tsy mpino mba hitaona azy ireo. 1 2 3

76. Mampahery ny Kristiana iray ao anatin’ny alahelony sy ny fahoriany. 1 2 3

77. Matoky fa tsy miova Andriamanitra na dia toa manjavozavo aza ny fandehan-javatra rehetra. 1 2 3

78. Vonona ny hanana toerana sy fiainana tsotsotra mba hahazoan-tombony ho an’ny asan’Andriamanitra. 1 2 3

79. Manampy amin’ny fomba mahomby ireo sembana ara-tsaina. 1 2 3

80. Faly ny ho tonga mpanampy ny mpampianatra ao amin’ny kilasin’ny Baiboly iray. 1 2 3

82. Mivavaka tsindraindray rehefa mahafantatra fa angamba tokony hanao zavatra hafa. 1 2 3

83. Mahay manavaka 1 2 3

fahamarinan-dehibe sy goavana ao amin’ny Soratra Masina.

84. Manaraka ahy ny hafa satria ananako ny fahalalana izay manampy amin’ny fampiorenana ny fiangonako.

85. Miresaka am-pifaliana amin’ireo voafonja na ireo olona manirery tsy manana fifandraisana amin’ny hafa.

86. Mora mahay fitenim-pirenena hafa.

87. Mahavita mamerina amin’ny laoniny indray ny olona izay nania ka niala tamin’ny vondrona kristiana nisy azy.

88. Faly rehefa mahita ny hafa mila fanampiana.

89. Manofana Kristiana mba ho tonga mpianatr’I Kristy mpankatoa kokoa.

90. Mahatsapa ny fanatrehan’Andriamanitra amin’ny fomba tsy dia mahazatra loatra rehefa misy fanapahan-kevitra lehibe tsy maintsy raisina.

Tabilao maneho ny tombantombana mikasika ny fanomezam-pahasoavana.

**Tomban’ny valin-teny**

| | | | | |
|---|---|---|---|---|
| Lah. A | 1 | 19 | 37 | 55 |
| Lah. B | 2 | 20 | 38 | 56 |
| Lah. D | 3 | 21 | 39 | 57 |
| Lah. E | 4 | 22 | 40 | 58 |
| Lah. F | 5 | 23 | 41 | 59 |
| Lah. G | 6 | 24 | 42 | 60 |
| Lah. H | 7 | 25 | 43 | 61 |
| Lah. I | 8 | 26 | 44 | 62 |
| Lah. J | 9 | 27 | 45 | 63 |
| Lah. K | 10 | 28 | 46 | 64 |
| Lah. L | 11 | 29 | 47 | 65 |
| Lah. M | 12 | 30 | 48 | 66 |
| Lah. N | 13 | 31 | 49 | 67 |
| Lah. O | 14 | 32 | 50 | 68 |
| Lah. P | 15 | 33 | 51 | 69 |
| Lah. R | 16 | 34 | 52 | 70 |
| Lah. S | 17 | 35 | 53 | 71 |
| Lah. T | 18 | 36 | 54 | 72 |

Farito ireo isa telo ambony indrindra fa anampy anao hamantatra ny seha-panompoam-panahy ataonao ho an’Andriamanitra sy ny fiangonany izany.

**VIII. Fanoritsoritana ny fanomezam-pahasoavana**

Hita ao anatin’ireo fitanisana ny fanomezam-pahasoavana rehetra ny fanoritsoritana sy ny famaritana ireo fanomezam-pahasoavana maro isan-karazana. Ireo fanoritsoritana sy famaritana ireo dia maneho ny ezaka ataon’ny mpanoratra mba hampisehoana amin’ny fomba mazava indrindra araka izay azony atao ny fomba fiasan’ireo fanomezam-pahasoavana isan-karazany. Ity fanoritsoritana manaraka ity dia avy tamin’i C. Peter Wagner, *Your Spiritual Gifts Can Help Your Church Grow* (Afaka manampy ny fiangonanao eo amin’ny fitomboany ny fanomezam-pahasoavana anananao). Natao hanampy fahalalana anao ny nandraketana azy ato ka noho izany dia tsy azo heverina ho teny farany mikasika ny fanoritsoritana na ny famaritana.

**Fitantanan-draharaha.** Ny fanomezam-pahasoavan’ny fitantanan-draharaha dia fahaizana manokana nomen’Andriamanitra ny mambra sasany amin’ny Tenan’i Kristy mba hahatakarana mazava tsara ireo zava-kendrena voalohany sy mahafao-be ho an’ny vondrona iray manokana mikasika ny tenan’i Kristy, ary koa mba hoenti-manatanteraka drafitra mahomby eo amin’ny fanatanterahana ireo zava-kendrena ireo. 1 Kor. 12:28; Asa 6:1-7; Asa 27:11; Lio. 14:28-30; Tit. 1:5.

**Fahazai-mamantatra fanahy**

Ny fanomezam-pahasoavan'ny fahaiza-mamantatra fanahy, dia fahaizana manokana omen'Andriamanitra ny mambra sasany amin'ny Tenan'i Kristy mba hamantarana amin'ny fomba azo antoka tsara raha tena avy amin'Andriamanitra marina na avy amin'olombelona na koa avy amin'i Satana ny fitondrantena sasany voalaza ho avy amin'Andriamanitra. 1 Kor. 12:10; Asa 5:1-11; Asa 16:16-18; 1 John 4:1-6;
Mat. 16:21-23.

**Evanjelistra**
Ny fanomezam-pahasoavan'ny evanjelistra dia fahaizana manokana omen'Andriamanitra ny mambra sasany amin'ny Tenan'i Kristy mba hizarana ny filazantsara amin'ny tsy mpino, ka hahatonga ny lehilahy sy vehivavy maro ho mpianatr'i Kristy sy ho mambra tompon'andraikitra amin'ny tenan'i Kristy. Efes. 4:11-14; 2 Tim. 4:5; Asa 8:5,6; Asa 8:26-40; Asa 14:2 1; Asa 21:8.

**Fampaherezana**
Ny fanomezam-pahasoavan'ny fampaherezana dia fahaizana manokana omen'Andriamanitra ny mambra sasany amin'ny Tenan'i Kristy mba hanomezana teny fampaherezana,fampiono nana, fampirisihana ary torohevitra ho an'ireo mambra hafa amin'ny tena, mba hahatsapany fa ampiana sy sitranina izy ireo. Rom. 12:8; 1 Tim. 4:13; Heb. 10:25; Asa 14:22.

**Finoana.**
Ny fanomezam-pahasoavan'ny finoana dia fahaizana manokana omen'Andriamanitra ny mambra sasany amin'ny tenan'i Kristy mba hamantarana amin'ny fomba tsy misy atahorana ny sitrapon'Andriamanitra sy ny zava-kendreny amin'ny asany. 1 Kor. 12:9; Asa 11:22-24; Asa 27:21-25; Heb. 11; Rom. 4:18-21.

**Fahalalahan-tanana**
Ny fanomezam-pahasoavan'ny fahalalahan-tanana, dia fahaizana manokana nomen'Andriamanitra ny mambra sasany amin'ny Tenan'i Kristy mba handraisana anjara am-pifaliana ary tsy an-tery eo amin'ny fampitaovana ny asan'ny Tompo. Rom. 12:82; Kor. 8:1-7; 2 Kor. 9:2-8; Mar. 12:41-44.

**Fanasitrana.**
Ny fanomezam-pahasoavan'ny fanasitranana dia fahaizana manokana nomen'Andriamanitra ny mambra sasany amin'ny Tenan'i Kristy mba hahatonga azy ireo ho olombelona mpanelanelana, hampiasain'Andriamanitra hanasitrana aretina sy hamerenana amin'ny laoniny ny fahasalaman'izay tiany hanaovana izany, amin'ny fomba mihoatra noho ny azon'ny zava-boary atao. 1 Kor. 12:9,28; Asa 3:1-10; Asa 5:12-16; Asa 9:32-35; Asa 28:7-10.

**Fanampiana**
Ny fanomezam-pahasoavan'ny fanampiana, dia fahaizana manokana omen'Andriamanitra ny mambra sasany amin'ny Tenan'i Kristy mba hampiasany ny talenta ananany eo amin'izany tena izany, ary noho izany dia mandrisika ny hafa hampitombo ny fahombiazany eo amin'ny fampiasany ny fanomezam-pahasoavany ihany koa. 1 Kor. 12:2 8; Rom. 16:1,2; Asa 9:36; Lio. 8:2,3; Mar. 15:40,41

**Fampiantranoam-bahiny.**
Ny fanomezam-pahasoavan'ny fampiantranoam-bahiny dia fanomezana manokana omen'Andriamanitra ireo mambra sasany amin'ny

Tenan'i Kristy mba hanokafana varavarana sy handraisana ny tsy manan-kohanina sy tsy manan-kialofana.  l Pet. 4:9; Rom. 12:9-13; Rom. 16:23; Asa 6:14,15; Heb. 13:1,2.

**Fanelanelanana**
Ny fanomezam-pahasoavan'ny fanelanelanana dia fahaizana manokana omen'Andriamanitra ny mambra sasany amin'ny Tenan'i Kristy mba hivavahany amin'ny fotoana maharitra sy matetitetika ka hahazoany valim-bavaka ihany koa, amin'ny fomba izay mihoatra lavitra noho izay heverina fa azon'ny Kristiana an-kapobeny. Jak. 5:14-16; 1 Tim. 2:1,2; Kol. 1:9-12; Kol. 4:12,13; Asa 12:12; Lio. 22:41-44.

**Fahalalana**
Ny fanomezam-pahasoavan'ny fahalalana dia fahaizana manokana omen'Andriamanitra ho an'ny mambra sasany amin'ny Tenan'i Kristy mba hahitana sy hanangonana, hamakafakana ary hanazavana foto-kevitra sy fahalalana mifandraika tsara amin'ny fitomboan'ny tena sy izay mahasoa azy. I Kor.2:14; 1 Kor. 12:8; Asa 5:1-11; Kol. 2:2,3; 2 Kor. 11:6.

**Fitarihana.**
Ny fanomezam-pahasoavan'ny fitarihana, dia fahaizana manokana omen'Andriamanitra ny mambra sasany amin'ny Tenan'i Kristy mba hametrahana tanjona araka ny zava-kendren'Andriamanitra mikasika ny hoavy, ka hampita izany zava-kendrena izany amin'ny hafa mba hiarahan'izy ireo miasa an-tsitrapo sy am-pirindrana ho fanatanterahana izany tanjona izany ho voninahitr'Andriamanitra. 1 Tim. 5:17; Asa 7:10; Asa 15:7-11; Rom. 12:8; Heb. 13:17; Lio. 9:51.

**Famindram-po.**
Ny fanomezam-pahasoavan'ny famindrampo dia fahaizana manokana omen'Andriamanitra ho an'ny mambra sasany amin'ny Tenan'i Kristy mba hahatsapany fangoraham-po sy firaisam-po marina ho an'ireo olona (na Kristiana na tsia) manana olana ara-batana, ara-tsaina na ara-panahy sy fihetseham-po. Haneho izany fangoraham-po izany amin'ny alalan'ny asa atao am-pifaliana izy ireo amn'izany, izay mampiseho taratra ny fitiavan'i Kristy sy hanamaivana ny fahoriana. Rom. 12:8; Mar. 9:41; Asa 16:33,34; Lio. 10:33-3 5; Mar. 20:29-34; Mar. *25:34-40;* Asa 11:28-30.

**Misionera.**

**Pastora**
Ny fanomezam-pahasoavan'ny pastora, dia fahaizana manokana omen'Andriamanitra ny mambra sasany amin'ny Tenan'i Kristy mba hiantsorohany andraikitra manokana ary amin'ny fotoana maharitra mikasika izay mahasoa ny toe-panahin'ny antokona mpino anankiray. Efes. 4:11-14; 1 Tim. 3:1-7; Jao. 10:1-18; 1 Pet. 5:1-3.

**Fanompoana**
Ny fanomezam-pahasoavan'ny fanompoana, dia fahaizana manokana omen'Andriamanitra ny mambran'ny Tenan'i Kristy mba hamantarana izay zavatra ilaina kanefa tsy mbola azo mikasika ny asan'ny Tompo, ary mampiasa ihany koa izay fahafaha-manao eo an-tanana hahazoana ireo zavatra ilaina ireo sy hanampiana eo amin'ny fanatrarana izay vokatra iriana.  2 Tim. 1:16-18; Rom. 12:7; Asa 6:1-7; Tit. 3:14; Gal. 6:2,10.

**Fampianarana**
Ny fanomezam-pahasoavan'ny fampianarana, dia fahaizana manokana omen'Andriamanitra ny mambra sasany amin'ny Tenan'i Kristy mba hampitana fahalalana mahakasika ny fahasalamana sy ny asan'ny tena ary ny mambra ao aminy mba hahatonga ny hafa hianatra koa. 1 Kor. 12:28; Efes. 4:11-14; Rom. 12:7; Asa 18:24-28; Asa 20:20,21.

**Fahendrena**
Ny fanomezam-pahasoavan'ny fahendrena, dia fahaizana manokana omen'Andriamanitra ny mambra sasany amin'ny Tenan'i Kristy mba hamantarana ny fisainan'ny Fanahy Masina ka hahazoana tsilon-tsaina mikasika ny fomba mety indrindra azo hampiharina eo anatrehan'ireo zavatra manokana ilain'ny tenan'i Kristy. 1 Kor. 2:1-13; 1 Kor. 12:8; Asa 6:3,10; Jak. 1:5-6; 2 Pet. 3: 15, 16.

**IX. Ny fizarazarana ny fanomezam-pahasoavana**
A. Rom. 12:4-8; 1 Kor. 12:29-30; Efes. 4:11
B. Afaka manampy ny fiangonanao amin'ny alalan'ny fanomezam-pahasoavana anananao ianao:

1. Fitantanan-draharaha
a. Loholona
b. Vaomiera mpanendry
d. Mpampianatra ao amin'ny Sekoly Sabata
e. Mpiasa manokana karamain'ny fiangonana
f. Mpitahiry vola

2. Fahaiza-manavaka fanahy
a. Loholona
b. Vaomiera mpanendry
d. Komity laika mpanolo-tsaina ny mpitandrina
e. Mpanabe ao amin'ny sekoly
f. Komitin'ny mambra

3. Fitoriana ny filazantsara
a. Mpitarika ny asa fitoriana ataon'ny tena manokana
b. Manome fampianarana Baiboly
d. Mitarika seminera miompana amin'ny Baiboly
e. Fananganana fiangonana eny amin'ny faritra vaovao
f. Asa atao eny amin'ny fonja
g. Sampana Sekoly Sabata (lehibe)
h. Mitsidika ny mpamangy
i. Manovo soa avy amin'ny haino aman-jery

4. Fampaherezana
a. Famangiana eny amin'ny hopitaly
b. Famangiana ho fanolokoloana ny fiangonana
d. Asa eny amin'ny fonja
e. Mpanoro hevitra an-tariby
f. Mitarika eo amin'ny fampiasam-bola
g. Mitarika mamerina ny mania
h. Asan'ny tanora

5. Finoana
a. Komity fanorenana

b. Fampandrosoana tetik'asa
d. Vaomiera mpanendry
e. Mpanabe ao amin'ny sekoly
f. Komitin'ny asa fitoriana ny filazantsara

6. Fahalalahan-tanana
a. Komity mpanohana ara-bola
b. Komity mpanohana ny mpianatra
d. Mitarika eo amin'ny fampiasam-bola
e. Komitin'ny sampana miadidy ny fiaraha-monina
f. Komity mpamerina ny mania
g. Komity misahana ny fanampiana ny mahantra
h. Komitin'ny mpianatra misionera

7. Fanampiana
a. Mpitarika ny komision'ny sehatr'asa fanompoana
b. Lehilahy advantista
d. Diakona lahy
e. Diakona vavy

8. Fampiantranoam-bahiny
a. Mpandrindra ny fiaraha-misakafo amin'ny vahiny ampiantranoana/mpitarika antoko
b. Komity misahana ny fiaraha-monina
d. Mpanao fiarahabana
e. Diakona lahy/diakona vavy
f. Asa ataon'ny mpitovo

9. Fanelanelanana
a. Fitsidihana hopitaly
b. Fitsidihana fanolokoloana fiangonana
d. Fampandrosoana tetik'asa vaovao
e. Loholona
f. Mpitarika ny mpanao vondrom-bavaka
g. Manovo soa avy amin'ny haino aman-jery

10. Fahalalana
a. Manome fampianarana ara-Baiboly
b. Manampy eo amin'ny seminera
d. Manoratra lohahevitra ara-Baiboly
e. Pastora laika
f. Loholona

11. Fitarihana
a. Filoha an-kapobenin'ny Sampana Sekoly Sabata
b. Filohan'ny sampana sy komisiona maromaro
d. Pastora laika
e. Loholona
f. Lehiben'ny diakona lahy/vavy
g. Mpitahiry vola
h. Mpitarika ny sampana tanora

12. Famindram-po
a. Komity mpiomana ho amin'ny vonjy taitra
b. Sampana mpanao asa soa (Dorkasy)
d. Komity misahana ny fanampiana ny mahantra
e. Komity mpikarakara ny mpianatra
f. Mpanoro hevitra
g. Fanateran-tsakafo ho an'ny beantitra sy ny sembana

13. Misionera
a. Komitin'ny mpianatra misionera
b. Komity mpanao fitsidihana
e. Mpanampy ny tsy manan-kialofana
f. Asa tsy mivoaka ny renivohitra
g.Fitoriana ny filazantsara eo anivon'ny kolontsaina samihafa

14. Pastora
a. Fitsidihana fanolokoloana fiangonana
b. Asa fanompoana tokana
d. Mpitarika vondrona mpiara-mianatra Baiboly
e. Fitsidihana hopitaly
f. Fanoroana hevitra
g. Komity misahana ny fiaraha-monina

17. Fanompoana
a. Diakona lahy/diakona vavy
b. Komision'ny mozika na mpandray anjara
d. Komision'ny fifandraisana an-tariby
e. Komision'ny mpanao voninkazo
f. Mpisahana ny fitehirizam-bokin'ny fiangonana na sekretera mikasika izany
g. Komisiona misahana ny haino aman-jery
h. Mpiambina na mpihazona ny fanalahidin'ny fiangonana
i. Fanateran-tsakafo ho an'ny beantitra sy ny sembana
j. Asa sosialy
k. Mpamerina ny mania

16. Mpampianatra
a. Lehibe/mpampianatra ny Sekoly Sabata (na ao amin'ny sokajy inona io na inona)
b. Mpisavalalana
d. Mpitarika ny hetsika ataon'ny tanora
e. Mpitarika/mpampianatra ny sekolin'ny Baiboly mandritra ny fialan-tsasatra.
f. Mpitarika/mpampianatra ao amin'ny sampana Sekoly Sabata
g. Mpitarika fampianarana Baiboly

17. Fahendrena
a. Filohan'ny komitin'ny fiangonana
b. Komitin'ny mambra
d. Loholona
e. Fanoroana hevitra
f. Mambra ao amin'ny komitin'ny sekoly

**Ny fomba fampiasana ny fanomezam-pahasoavana mba hampandrosoana ny asa fitoriana ataon'ny tena manokana**

Ny Tompo dia miantso ny Kristiana tsirairay hanao asa anankiray na maromaro. Omeny ny Kristiana rehetra tonga olom-baovao ny fanomezam-pahasoavana ho fanatanterahana izany. Anankiray na maromaro amin'ireo fanomezam-pahasoavana ireo no voatendry hampiasaina amin'ny fomba maharitra eo amin'ny fiainana, ka noho izany dia tafiditra ao anatin'ny asa fanompoana lehibe izay niantsoan'ny Tompo anao. Ireo asa fanompoana ireo no tena ifantohan'ny maha-mpianatra anao voalohany indrindra.

Raha vao fantatrao ny fanomezam-pahasoavana anananao, dia ny mampitombo azy ireo no dingana manaraka hataonao. Amin'ny alalan'ny seminera fiaraha-mandinika ny Tenin'Andriamantra sy fampihofanana no hanaovanao izany ary amin'ny alalan'ny fampiasana sy ny fampiharana. Fanantenan'ny Tompo ny hanaovan'ny Kristiana tsirairay avy ho "matihanina" ny asany ka hampandroso izany ho amin'ny tsara indrindra araka izay vitany.

Koa satria antso manokana noraisinao avy tamin'ny Tompo izany, dia miankina aminao ny hampiasa azy matetika. Mandritra ny androm-piainanao, ny anjara asa lehibe raisinao ao amin'ny fiangonana dia tokony hifanaraka tsara amin'ny fanomezam-pahasoavana anananao. Mety hisy fotoana indraindray hitakian'ny fiangonan'Andriamanitra anao hitana anjara asa na andraikitra ivelan'ny fanaonao na ny fanomezam-pahasoavana anananao, kanefa toe-javatra tsy haharitra izany.

***Ny toe-tsaina tsy kristiana dia afaka manafoana ny fahombiazan'ny fanomezam-pahasoavana anananao sy ny asa fanompoana ataonao.***

Eo amin'ny tontolo manodidina ny fanomezam-pahasoavana anananao ihany no tena hampiasanao voalohany indrindra izany.

Mila fitandremana tsara eto! Nantsoin'ny Tompo hiasa ho an'*ny voninahiny* ianao fa tsy ho an'ny voninahitrao! Natao hampandrosoana ny fanjakan'Andriamaniatra ny nanomezana ny fanomezam-pahasoavana. Tsy hahatanteraka am-pahombiazana ny asany izany raha tsy efa anananao ny fahamatorana ara-panahy sy ny toe-tsaina kristiana eo ambanin'ny fitarihan'ny Fanahy Masina (Jereo Gal. 5:22, 23). Tsy noho ny fahafantaranao ny fanomezam-pahasoavana anananao sy ny fiezahanao hanao ny andraikitrao ao amin'ny fiangonana araka izany fanomezana izany no hanananao fahefana amin'ny hafa na koa

toerana isian-tombontsoa eo anivon'ny fiangonana. Araka ny voalazan'ny Baiboly, dia mifanohitra tanteraka amin'izany tokoa ny fanomezam-pahasoavana. Mitondra firaisana ao amin'ny fiangonana mantsy izany (Jereo ny Rom. 12:1-8).

**Dingana 1: Fantaro ny fanomezam-pahasoavana anananao**

Ny fiangonanao na ny federasiona na misiona misy anao dia afaka manome anao ny lisitr'ireo fanomezam-pahasoavana izay hanampy anao hamantatra ny anao.

**Ireto avy no tena fanomezam-pahasoavana ananako:**

**Ireto avy ny fanomezam-pahasoavana ananako ihany saingy tsy amin'ny fahafenoany:**

**Dingana 2: Sokajio ny fanomezam-pahasoavana anananao**

Ampifanandrifio amin'ny anankiray na amin'izy rehetra amin'ireo sehatra telo lehibe mahakasika ny fiainam-piangonana ny fanomezam-pahasoavana anananao. Hanoro anao ny toerana tena tokony hanaovanao asa fanompoana be indrindra izany. Ny fanomezam-pahasoavana sasany, dia tafiditra ao anatin'ny sokajy mihoatra noho ny anankiray, arakaraka ny toe-javatra sy ny zavatra omeny. Ohatra, ny fanomezam-pahasoavan'ny fampianarana dia mety ho tafiditra ihany koa ao

tianao koa ny hampiasa ny anankiray amin'ireo fanasokajiana hafa voalaza ao amin'ny takila 8 sy 9 mba hahitana ny toerana misy ny fanomezam-pahasoavanao.

**Fanomezam-**

**indrindra amin'ny asa fitoriana sy ny asa soa.**

- Fitoriana ny filazantsara
- Fanaovana fahagagana
- Fanasitranana
- Famindrampo
- Fampiantranoam-bahiny

**Fanomezam-pahasoavana mifandraika amin'ny fitomboana ara-panahin'ny fiangonana eo amin'ny fahamasinana, ny fahamatorana ara-panahy ary ny fanofanana sy ny fandrosoana eo amin'ny maha-mpianatra, sy ny sisa.**

- Faminaniana
- arana
- a
- Fahendrena

**Fanomezam-pahasoavana mifandraika amin'ny fitantanana ny fiangonana, fitarihana fikambanana, fitantanam-bola sy ny**

- Fanampiana
- Fahalalahan-tanana

**Dingana 3 Farito ny anjara asanao**

**Inona no anjara asa na andraikitra na toerana mety amin'ny fanomezam-pahasoavanao eo amin'ny rafitra mahazatra ny fiangonana hatramin'izay?**

Inona no sampan'asa tsy misy amin'izao fotoana izao eo anivon'ny rafitra mahazatra ny fiangonana hatrizay ka mety ho tianao apetraka?

**Dingana 4: Tanisao ireo sampan'asa efa noeritreretinao**

Jereo ny takila… hahitanao ny lisitr'ireo soso-kevitra mikasika ny sampan'asa. Azonao atao koa ny mahazo karne fandraisana naoty antsoina hoe… izay misy fanoritsoritana asa maro mifandraika amin'ny fanomezam-pahasoavana. Eny amin'ny ABC (Adventist Book Center) no mety hahazoanao izany. Afaka hanampy anao hahazo ny dika mitovy am… pastorana…

**… ireo vato misakana**

Indraindray no misy ireo zava-misakana ny asa fanompoana ataonao ka mila heverina manokana. Mety ho tsy fahampiana ara-bola izany, olona izay tsy mankasitraka ilay…

**Ahoana no mety ho fiantraikan'ireo sampan'asa ireo** eo amin'ireo fandaharan'asa sisa ao amin'ny fiangonana? Tanisao ireo lafiny tsara sy ratsy mikasika izany.

**… kevitra mipetraka sy fandinihana**

Eto no hilanao manao fikarohana sy fihofanana vitsivitsy. Tsarovy fa manantena vokatra ny Tompo. Tokony hatao tsara ny asa fanompoana tanterahana maharitra eo amin'ny fiainana.

Inona no zavatra hilaina handinihana sy hianarana manatanteraka am-pahombiazana ny asa…

hanatanterahanao ny asa fanompoanao.

**Dingana 7: Ny hoenti-manana**

**Ny hoenti-manana efa anananao.** Inona avy ireo fahafaha-manao efa fantatrao ny mikasika azy, izay hanampy anao hampandroso ny asanao? Tanisao ireo fitaovana, toerana, vola, sy ny sisa izay efa misy.

**Ny hoenti-manana ilaina.** Karazana oenti-manana inona no hilainao hananana?

**hanampy anao**

**Ny fahaizan'ny olona.** Inona no fahaizana manokana avy any amin'ny olona ka hilainao hanatanterahana izany asa izany? Ataovy lisitra ireo fahaizana hilainao sy ireo olona manana izany ka azonao antsoina

ilainao mba hanampy hampahomby ny asanao? Ampifanandrifio amin'ny toe-ponao sy ny fahafaha-manaonao izany vondrona mpanohana izany.

**Fanohahana eo amin'ny lafiny toe-po.** Mitadiava olona vitsivitsy izay afaka hampitony na hanondrotra ny toe-

anao ara-bola eo amin'ny asanao.

mandritra ny fe-potoana tsirairay avy:

Telo volana

**Dingana 10: Toerana hanatanterahana ny asa**

Aiza ny toerana hanatanterahanao ny asanao? Ao an-trano, ao am-piangonana, sy ny sisa?

**Dingana 11: Drafitra fanatanterahana**

Ahoana no fomba hanombohanao ny asanao? Iza no olona ilainao resahana? Inona no alalana hilainao omena anao?